


REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA VOALOHANY**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2017**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-225

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA IRETO VOLAVOLAN-DALÀNA IRETO:

- LAHARANA FAHA-003/2017 TAMIN'NY 20 APRILY 2017 « AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU PROJET D'EXTENSION DU PORT DE TOAMASINA CONCLU LE 23 MARS 2017 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LE JICA (JAPON INTERNATIONAL COOPERATION AGENCY) ».
- LAHARANA FAHA-001/2016 TAMIN'NY 20 JANOARY 2016 « PORTANT CODE DE LA ROUTE A MADAGASCAR ».
- LAHARANA FAHA-012/2016 TAMIN'NY 2 JONA 2016 « INSTITUANT L'ORDRE NATIONAL MALAGASY ».

Fivoriana faha-3
Natao ny
Talata 23 May 2017
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa MAHAZOASY Mananjara Freddie Richard

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - LIAHOSOA Malement
- VANOVASON Jean Andrien

FOTOANA: Talata 23 Mey 2017 tamin'ny 10 ora sy 40 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ireto volavolan-dalàna manaraka ireto:

- Laharana faha-003/2017 tamin'ny 20 Aprily 2017 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au projet d'extension du port de Toamasina conclu le 23 mars 2017 entre la République de Madagascar et le JICA (Japon International Coopération Agency) ».

- Laharana faha-001/2016 tamin'ny 20 Janoary 2016 « portant code de la route à Madagascar ».

- Laharana faha-012/2016 tamin'ny 2 Jona 2016 « instituant l'Ordre National Malagasy ».

Nivory androany Talata 23 Mey 2017 ny Solombavambahoaka notarihin'Andriamatoa MAHAZOASY Mananjara Freddie Richard, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, voafidy tao amin'ny Faritanin'Antsiranana, nandinika sy nandray fanapahan-kevitra momba ireo volavolan-dalàna voalaza etsy ambony.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ireo mpivory ary ny solotenan'ny Governementa, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa VANOVASON Jean Adrien Kestora faharoa no nanatontosa izany.

Fisaorana no natolotr'Andriamatoa Filoha azy rehefa vita izany.

Taorian'izany, notsiahivin'Andriamatoa Filoha ny fandaharam-potoana ary niroso tamin'ny fandinihana tsirairay an'ireo volavolan-dalàna ireo mpivory ka ny laharana faha-003/2017 tamin'ny 20 Aprily 2017 no nisantarana izany.

Nomena fitenenana avy hatrany ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hitondra ny tatitry ny asam-baomiera momba ny volavolan-dalàna, ka Ramatoa RAHARINIRINA Sidonie no nanatanteraka izany.

Nivory ny Alarobia faha-17 Mey 2017 tamin'ny 9 ora maraina ny Vaomiera mitambatra nahitana ny Vaomieran'ny Fitaterana sy Famantarana ny Toetrandro, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Asa Vaventy ary ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-003-2017 tamin'ny 20 avrily 2017 "autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au projet d'Extension du port de Toamasina conclu le 23 mars 2017 entre la République de Madagascar et la JICA-Japan International Cooperation Agency".

Andriamatoa LEVAO Nitadiavina, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitaterana sy Famantarana ny Toetrandro, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany :

- 1- LEVAO Nitadiavina
- 2- RAHARINIRINA Sidonie
- 3- TODY Arnaud
- 4- RASOANERINJATOVO Bodovoahangy Dimitrine
- 5- MAHARAMBY Ndalana Espérant
- 6- RAMAHATODISOLOMANANA Nala

Tonga nisolo tena ny Governemanta kosa ireto teknisiana manaraka ireto,

Ramatoa sy Andriamatoa isany :

- | | |
|-------------------------------|-----------------|
| 1- RANDRIANASOLO Alexandre | MFB/SG |
| 2- RAJOELISON Rado | MTM/SG |
| 3- ANDRIAMPARANY Nirry | MFB/DGT/DDP/SSP |
| 4- RAHARIMANANA Dominique | MFB/DGT/DDP |
| 5- RAHANIRAKA Haingotiana | MFB/DGT/DDP |
| 6- RAZANAKOTO Hubert François | MTM/SG/DGTT |
| 7- RAJAONA Ambinintsoa N. | MFB/DGT/DDP |
| 8- RAJAONASY Emmanuel J. | Ingénieur SPAT |
| 9- TABIHA LARSENE Nicolas | Dept SPAT |
| 10- RAFANOMEZANTSOA Alban | Ingénieur SPAT |
| 11- VOAVY Armel Pierre | DTMF/MTM |
| 12- RANAIVOJAONA Samuel | SPAT |
| 13- RANDRIANASOLO Baholy | Attachée SG/MTM |
| 14- RANDRIANARIVO Mbola | Attachée SG/MTM |
| 15- RANDRIAMAMPIANINA Lalaina | Attachée SG/MTM |
| 16- RABARISON Philémon Michel | MFB/CAB/CT |
| 17- FENO PIERRE JEAN | MFB/DGT |
| 18- AVELLIN Christian Eddy | SPAT |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niangavy ny teknisiana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ity tetikasa ity dia fiaraha-miasa amin'i Japon ho fanitarana sy fanatsarana ny ambaindain'ny seranan-tsambon'i Toamasina. Efa tamin'ny taona 2008 no novinavinaina izy ity saingy noho ny zava-nitranga teto amin'ny firenena dia voatery naato izany. Ankehitriny dia tonga ny fotoana mba hamitana izay dingana hanatanterahana azy. Izany no antony itondrana ity Volavolan-dalàna ity eto anivon'ny Antenimierampirenena mba hahazoana fankatoavana.

Nomarihan'ny teknisiana ihany koa fa ho antsika malagasy dia ny seranan-tsambon'ny nosy Maorisy sy La Réunion no seranana voalohany manara-penitra sady tsy azo ialana. Hatramin'ny taona 1960 izay nahazoan'i Madagasikara fahaleovan-tena dia tsy mbola nanana fotodrafitrasa manaraka ny fenitra iraisam-pirenena isika eo amin'ny lafiny seranan-tsambo. Aorian'ny fahatanterahan'ity tetikasa ity dia hahazo seranan-tsambo manara-penitra i Madagasikara.

Ny fanatsarana sy fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina dia hitarika ny fanamboarana ny lalana sy ny seranam-piaramanidina any an-toerana satria ho maro ny mpampiasa vola ho avy sy ny firenena hahazo tombony amin'izany.

Hatramin'ny nahazoana fahaleovan-tena dia tsy mbola nisy fampindramam-bola goavana tahaka ity ka tsy tokony hisalasala ny eto anivon'ny Antenimierampirenena amin'ny fankatoavana ny Volavolan-dalàna.

Toy izao ny mombamomba ny lafiny ara-bola voalazan'ny Fifanarahana :

- Mitentina 45 214 000 000 Yen Japonais ny fampisamboram-bola ;
- Averina anatin'ny 40 taona ka ny 10 taona voalohany tsy amerenana afa-tsy ny zana-bola ;
- 0,01% no tahan'ny zana-bola isan-taona.

Ny 65%-n'ny fandaniahana no anjaran'ny Fanjakana Japoney fa ny 35% kosa no an'ny Fanjakana Malagasy ka ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Ministeran'ny Fitantanam-bola no voakasika amin'izany.

Amin'ny taona 2018 no fanombohan'ny asa ary mandritra ny fito taona no vinavinaina ho faharetany. Tsy miandry fito taona anefa fa raha vao misy toerana vita azo iasana dia ampiasaina izany. Ny entana mantsy matetika dia apetraka ao amin'ny seranan-tsambo any ivelany, ohatra ao Port Louis, nohon'ny fahateran'ny toerana ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina.

Anisan'ny asa hotanterahana ny fanitarana ny "quai" ho 470m mba hahafahana mandray sambo lehibe; eo koa ny fanamboarana ny "brise-lame"; fanitarana ny toerana ahafahana manondrana entana. Tsy maintsy hatsaraina izany mba hahafahantsika mampiasa azy maharitra.

Ny « Société du Port à gestion Autonome de Toamasina » (SPAT) no miandraikitra ny fanatanterahana ny tetikasa.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

- 1- Ankoatry ny famatsiam-bola, inona ihany koa no andraikitra ny JICA?
- 2- Sao dia mavesatra loatra ho an'ny seranan-tsambo ny famerenana ny vola raha toa ka tsy mazava ny fampiasana azy?
- 3- Inona no antony nisafidianan'ny JICA ny seranan-tsambon' i Toamasina?
- 4- Mikasika ny famoaham-bola, azo manontolo avy hatrany ve io vola io sa tonga tsikelikely?
- 5- Inona kosa no anjara asan'ireo "concessionnaires" hafa (MICTSL, SMMC, PTP) manoloana ity tetikasa ity?
- 6- Teo aloha dia nisy antokon'olona nanohitra ny fanatanterahana izao tetikasa izao, ahoana ny amin'izany?

Valim-panontaniana avy amin'ny teknisiana :

- 1- Ankoatry ny maha-mpamatsy vola ny JICA dia misy mihitsy ny olona apetrany eto Madagasikara mba hanara-maso ny fombafomba fampiasam-bola (lancement appel d'offre, exécution des marchés...) sy ny asa rehetra mandra-pahatanteraky ny asa. Misy koa ny fanofanana omen'ny JICA ireo mpiasa ao amin'ny SPAT. Ny seranan-tsambo no mizaka ny trosa amin'ity Volavolan-dalàna ity ka azo lazaina fa mahazaka tena io "investissement" io.
- 2- Efa matotra ny ho fanatanterahana ity tetikasa ity satria efa tamin'ny taona 2008 no naminavinana azy. Heverina hahavita ny asa rehetra io vola io.
- 3- Nisafidy an'i Toamasina ny JICA satria tsy azo ihodivirana eo amin'ny fampandrosoana izao tontolo izao ny fampiasana ny Océan Indien sy ny fandalovana eto Madagasikara. Taloha dia ny firenena eoropeana no "reference" fa ankehitriny dia miainga amin'ny firenena aziatika ny fampandrosoana.
- 4- Mikasika ny fahatongavan'ny vola dia misy antanan-tohatra ny asa atao ka arakaraky ny fahavitan'ny asa no amoahana ny vola. Misy tomban'ezaka atao (évaluation) koa isaky ny asa vita.
- 5- Ny SPAT dia fitaovana fotsiny fa tsy maintsy misy fiarahana amin'ireo "concessionnaires" hafa ireo.
- 6- Mikasika ny fanoheran'ny antokon'olona ny fanamboarana ny seranan-tsambon'i Toamasina dia soa ihany fa nisy izany mba hiarovany ny tombotsoany. Tsy maintsy misy ny lafy tsarany sy lafy ratsiny maintsy ny tetikasa fampandrosoana ka matahotra izy ireny sao dia misy voka-dratsy eo amin'ny tontolo iainana na eo amin'ny tanànanany izany. Ny mpiara-miasa Japoney anefa dia manao fanadihadiana mikasika izay mety ho vokatry ny tetikasa, ary mandritry ny fanatanterahana ny asa dia misy ny fanaraha-maso sy fanamarihana mba hisintonana lesona ka hanitsiana izay tsy mety.

Taorian'izany dia nisy soso-kevitra naroson'ny Solombavambahoaka ny amin'ny tokony hanaovana Volavolan-dalàna mba tsy hizarazarana ny seranan-tsambo fa hampitambarana azy indray.

Nomarihan'ny teknisiana fa ny antony nanasarahana ny seranana dia mba hahatonga ny fifantohan'ny mpiasa tsirairay amin'ny fanatanterahana ny asany. Tsapa ihany anefa fa somary navesatra izany kanefa ny zavatra rehetra dia misy lafy tsara sy ratsy avokoa. Mbola mila fandinihana lalina ny mikasika ny ho famerenana azy tsy misy fisarantsarahana.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana mandray fanapahan-kevitra dia niato 30 minitra ny fivoriana.

Rehefa izany dia nankatoavin'ny Vaomiera ny Volavolan-dalàna laharana faha-003-2017 tamin'ny 20 avrily 2017 « autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au projet d'Extension du port de Toamasina conclu le 23 mars 2017 entre la République de

Madagascar et la JICA-Japan International Cooperation Agency » ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora atoandro ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Nisaotra azy, Andriamatoa Filoha, rehefa vita izany.

Rehefa niroso tamin'ny fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra ny mpivory, samy tsy nisy nanan-kambara ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta.

Niroso tamin'ny dingana manaraka avy hatrany ny mpivory ka nomena an'Andriamatoa Minisitry ny fitenenana mba hitondrany ny famelabelarana amin'ny ankapobeny ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'Andriamatoa RAMANANTSOA Ramarcel Benjamina, Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro fa anisan'ny famatsiam-bola goavana ity findramam-bola ity ary misy tombotsoa lehibe ho antsika Malagasy ny fanatanterahana izany.

Ny fe-potoana hamerenana ny vola nindramina dia 40 taona ary ny tahan'ny zana-bola (taux d'intérêt) dia 0,01%. Izany hoe azo lazaina fa fanomezana ho antsika ity fampindramam-bola ity.

Mba hananantsika seranan-tsambo lehibe sy manara-penitra afaka mifaninana aty amin'ny ranomasim-be Indianina no tanjona.

Nohamafisiny fa ankoatran'izay, hiteraka tombotsoa maro ho antsika Malagasy ity tetik'asa ity, toy ny famoronana asa, fanatsarana ny tanànan'i Toamasina sy ny lalana RN2 mampitohy an'i Toamasina sy Antananarivo renivohitr'i Madagasikara. Raha bangoina, hoy izy, hampitombo ny famatsiana eto Madagasikara ny fahavitan'izany.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka ireto avy ireo ny Solombavambahoaka nifandimby nandray fitenenana.

Ramatoa RATSIVALAKA née RAHERIARIVO Marie Michelle

Fanontaniana amin'ny antony mahatonga ny fandraisana anjaran'ny Fanjakana Malagasy ho 35% satria hatramin'izay dia 20% eo ho eo foana izany amin'ny findramam-bola natao tamin'ireo mpamatsy vola mahazatra antsika. Tsy azo ampidinina mba hitovy amin'izay io taha io.

Andriamatoa TODY Arnaud

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ity volavalan-dalàna ity no nanokafany ny fandraisam-pitenenana nataony.

Nametra-panontaniana amin'ny fisian'ny feo mandeha hoe ny SPAT dia afaka mamatsy vola ity tetik'asa fanitarana ny « port » ao Toamasina ity anefa mbola nanao an'izao findramam-bola izao ihany ny Fanjakana Malagasy.

Nanontany momba ny fanodikodinam-bola tao amin'ny SPAT teo aloha sy ny mety ho tohin'izany raharaha izany.

Fangatahana fanazavana momba ny fidiran'ny vola avy amin'ity findramam-bola ity ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana satria mahagaga fa toa ny SPAT indray no hamerina ny vola hindramina.

Ramatoa RASOAHERINJATOVO Bodovoangy Dimitrine

Fisaorana ny Minisitery tompon'antoka tamin'izao volavolan-dalàna izao sy ny fitondrampanjakana Japoney ary ireo teknisiana namolavola ity volavolan-dalàna ity no natolony. Niangavy sy nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan

Fisaorana ny "Directeur Général"-n'ny SPAT amin'ny ezaka lehibe izy ataony amin'ny fanatsarana ny « port »-n'i Tomasina ary nanainga ny Solombavambahoaka namany mba handany ity volavolan-dalàna ity. Nirary amin'ny hahatontosana antsakany sy andavany ny asa izay hatao ihany koa.

Andriamatoa RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges

Nanamarika fa efa nisy fanaovana sonia an'ity tetik'asa ity tamin'ny taona 2008 saingy noho ny toe-draharaha nisy teto amin'ny firenena dia tsy tanteraka izany.

Andriamatoa FAMINDRA Justin

Fankasitrahana ny tetik'asa sy fiangaviana ireo Solombavambahoaka handany ity volavolan-dalàna ity no nambarany.

Nanamarika fa amin'ny tetik'asa goavana toy itony dia ny orinasa vahiny no mahazo tombotsoa lehibe satria ry zareo no nahazo ny tolotr'asa fa tsy mba mahazo izany ny orinasa Malagasy toy ny nitranga tao Ambatovy. Hatramin'ny asa madinika avy no nanafarana teratany vahiny (ohatra: ny fanaovana "soudure"). Tokony hisy fepetra horaisina hanofanana ny teknisianina Malagasy amin'ity tetik'asa ity; tokony hisy fanomezana ireo orinasa Malagasy ny tolotr'asa tahaka izao amin'izay mba afaka miantsehatra izy ireo.

Farany, nametra-panontaniana momba ny tombotsoa mety ho azon'ny "Commune Urbaine de Toamasina" amin'ity tetik'asa ity.

Andriamatoa MAHARAMBY Ndalana Espérant

Fisaorana ny Minisitry sy ny mpiara-dia aminy no voalohan-teniny.

Fankasitrahana ny mpamantsy vola ny tetik'asa, izay notsipihany fa sambany vao nisy solotenany tonga nanatrika ny adihevitra teto amin'ny Antenimierampirenena. Fisaorana ny masoivoho Japoney tonga nanatrika izao fivoriana izao.

Fangatahana famolavolana volavolan-dalàna hafa mba hamerenana ireo "cessionnaires" hitambatra amin'ny SPAT.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Fanamarihana fa raha ny antsihiran'ny asa hotanterahina dia mazava tsara saingy eo amin'ny lafiny tetibidiny no tsy voafaritry loatra. Fangatahana fanazavana momba ity farany tamin'ny fomba natao nahazoana ny tetibidin'ny tetik'asa amin'ny ankapobeny.

Momba ny fandraisana anjaran'ny Fanjakana Malagasy izay mitotaly “3 600 Billiards Fmg” (35%) dia nomarihany fa mavesatra loatra ho an'ny Malagasy izany. Nametraka ahiahy amin'ny fomba mety ahafahana mamerina ny vola hindramina. Inona no antoka fa hahazo anjara amin'ity tetik'asa ity ny orinasa Malagasy.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa

Firariana mba tsy ho toy ny tamin'ny taona 2008 izao tetik'asa izao ary nitaona ny Solombavambahoaka mba hiroso amin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna izay nambarany fa tombotsoa lehibe ho an'ny Malagasy rehetra ny fahalaniany.

Andriamatoa RANDRIAMAHEFA Henri Charles

Fangatahana amin'ny tokony hanalefahana ny « frais de magasinage » fa mavesatra loatra ny vola aloa rehefa hamoaka entana ao amin'ny “port” ny olona. Tokony hojerena izany mba hampihena ny fahasahiranana'ny mpanafatra entana avy any ivelany.

Nanamafy fa tsy maintsy laniana ity volavolan-dalàna ity satria zava-dehibe ny fahazoana ny tetik'asa tahaka izao.

Ramatoa RAMAHATODISOLOMANANA Voanalaroy

Nanamarika fa efa hatramin'ny taona 2008 no nanomanana ity tetik'asa ity saingy izao vao tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ny fangatahana ny fankatoavana azy. Midika izany fa misy sedra maro nodiavina vao tonga amin'izao dingana izao. Izany indrindra no mahatonga ny fisaorana ny teknisianina namolavola ny volavolan-dalàna; misaotra ny masoivoho Japoney nanohana ny tetik'asa; misaotra ihany koa amin'ny fahatongavana eto amin'ny Antenimierampirenena manatrika izao fivoriana izao.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ity volavolan-dalàna mikasika ity findramam-bola ity.

Taorian'izay dia nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hitondrany fanampim-panazavana mikasika ireo fanamarihana sy fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Mialohan'ny hamaliana ny fanontaniana, nisy ny fampahafantarana ireo teknisiana niara-dia tamin'Andriamatoa Ministry ny Fitaterana sy Famantarana ny Toetr'andro, ka izy ihany no nanao ny fanolorana azy ireo.

Rehefa izany dia nomeny an'Andriamatoa RANDRIANASOLO Alexandre, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny fitenenana.

Nanazava mikasika ny taha 65% sy 35% izay fandraisana anjaran'ny fitondram-panjakana Japoney andaniny sy ny Malagasy ankilany, Andriamatoa RANDRIANASOLO Alexandre.

Nambarany fa samy manana ny fepetra apetrany ny mpamatsy vola avy any ivelany ka anjarantsika no misafidy sy manapakevitra, fa ny tena zava-dehibe amin'ny zavatra tahaka itony dia ny hahatsapantsika hoe tena tompon'antoka isika rehefa misy an'io fandraisana anjara io.

Mikasika ny famerenam-bola dia ny SPAT na ny “Société du Port à gestion Autonome de Toamasina” no mamerina ny vola nindramina fa ny fanjakana foibe no misolotena azy satria tsy afaka manao fifanarahana mivantana any ivelany toy izao ny SPAT. Fanjakana samy fanjakana ihany no afaka manao fifanarahana momba ny fampindramam-bola tahaka izao. Anjaran’ny fanjakana foibe kosa no manara-maso ny famerenana ny vola nindramina.

Mikasika ny vola “3 600 Milliards Fmg” kosa tsy tokony hisy ahiahy ny famerenana azy satria io trosa io dia efa tafiditra ao anatin’ny tetibolam-panjakana isan-taona ny sora-bola hamerenana azy.

Nanao satroka Ramatoa RATSIVALAKA née RAHERIARIVO Marie Michelle teto ary nanamarika fa mavesatra loatra io vola “3 600 Milliards Fmg” io raha jerena ny fari-piainan’ny vahoaka Malagasy; koa nangataka ny hampitomboana ny fandraisana anjaran’ny fitondram-panjakana Japoney izy mba tsy hijanona amin’io taha 65% io fa mba hiakatra ambonimbony kokoa.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa nanamafy fa tsy fotoanan’ny adivarotra intsony izao fa tokony hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra amin’izay ny Solombavambahoaka.

Taorian’izay dia nitohy ny fanomezam-panazavana nomen’ny teknisiana ka Andriamatoa AVELLIN Christian, Tale Jeneralin’ny SPAT na ny “Société du Port à gestion Autonome de Toamasina” no nandray fitenenana.

Nomarihany fa nanomboka tamin’ny taona 2009 no nitantanany ny orinasa SPAT ao Toamasina. Betsaka hoy izy ny zavatra tsy nandeha tao anatin’ny tao saingy tsy maintsy misy ezaka atao.

Misy amin’izy ireny no mbola eny anivon’ny fitsarana ny raharaha hatramin’izao koa ho an’izay mbola te-hahafantatra bebe kokoa dia misokatra ny varavarana amin’ny fampahafantarana ireo toe-javatra ireo.

Nambarany fa ankolafy maro no niara-namolavola ity tetik’asa ity ary anisan’izany ny Minisiteran’ny Fitaterana, ny Fitondram-panjakana Japoney izay soloin’Andriamatoa Ambadaoro tena eto, ao anatin’izany koa ny SPAT.

Mikasika ny hoe: tsy tokony hindram-bola isika fa ny SPAT ihany dia mahavita mamatsy an’ity tetik’asa ity. Marina fa manam-bola ny SPAT fa noho ny fahataran’ny fampandrosoana eto amintsika dia noraisina izao fanapahan-kevitra izao mba hitoviansika amin’ny firenena aty amin’ny ranomasim-be Indiana. Betsaka ny tetik’asa tokony hovitaina kanefa tsy hovitan’ny “Terminal Contener” irery izany.

Mikasika ny “frais de magasinage”: tsy dia resa-bola loatra no tanjona fa natao izany mba hanerena ankolaka ny tompon’entana haka ny entany haingana satria tery ny toerana ao amin’ny “port”. Rehefa tonga koa ny entana afarana, inona no tsy avy hatrany dia akana azy fa andrasana fotoana ela; miteraka fahasahiranana ho an’ny “port” sy ho antsika tompon’entana ihany koa izany. Mamporisika antsika mba tsy hiandry ela satria miakatra koa ny sarany raha ny marina kanefa efa miezaka mijery izay hahasoa antsika rehetra amin’izay lafiny fandoavam-bola izay.

Namarana ny fanazavana Andriamatoa RAMANANTSOA Ramarcel Benjamina, Ministry ny Fitaterana sy ny Famatarana ny Toetr'andro ary nilaza fa ny "Commune Urbaine de Toamasina" no voalohany hahazo tombotsoa lehibe amin'ity tetik'asa ity izay vao mahazo ny azy ny firenena Malagasy. Izany hoe i Toamasina no handroso voalohany avy eo hitatra ho an'ny firenena izany satria ao aminy no anaovana ny tetik'asa.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony, nambaran'Andriamatoa Filoha fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavola-dalàna laharana faha-003/2017 tamin'ny 20 Aprily 2017 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relative au projet d'Extension du port de Toamasina conclu le 23 mars 2017 entre la République de Madagascar et la JICA (Japan International Cooperation Agency) » ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 45 no nandany, iray no nilaza fa ahemotra, iray no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay dia nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2017 tamin'ny 20 Aprily 2017 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relative au projet d'Extension du port de Toamasina conclu le 23 mars 2017 entre la République de Madagascar et la JICA (Japan International Cooperation Agency) ».

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaharam-potoana manaraka ny mpivory ka fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2016 tamin'ny 20 Janoary 2016 « portant Code de la Route à Madagascar » sy ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2016 tamin'ny 2 Jona 2016 « Instituant l'Ordre National Malagasy » ny mpivory.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa efa fandinihana fanintelony no hataon'ny Antenimierampirenena amin'ireto volavolan-dalàna ireto, koa amin'ny tranga toy izany dia ny andininy faha-96 andalana faha-4 ao amin'ny Lalàmpanorenana no ampiharina amin'ny fandaniana azy izay mivaky toy izao :

Andininy faha-96, andalana faha-4 : Raha toa ka tsy afaka mandany rijan-teny tokana iombonana ny Vaomiera na tsy noliana araka ireo fepetra voalaza ao amin'ny andalana etsy aloha ilay rijan-teny dia ny Antenimierampirenena, amin'ny alalan'ny latsabato iandanian'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao aminy no manapakevitra farany.

Manoloana ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ireo volavolan-dalàna ireo mba ho fanajana ny voalazan'ny andininy faha-96 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Hampandrenesina mialoha ihany koa ny Governemanta amin'ny fotoana hanaovana izany.

Nomena fitenenana Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan ary nangataka ny hakana ny hevity ny Solombavambahoaka amin'ny tokony hanemorana ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika azy ireo na tsia satria efa nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena indroa, koa tsy mety ve raha izay Solombavambahoaka tonga eto no mandany an'ireo.

Nanamarika Andriamatoa Filoha fa tsy amin'ny anarany no anemorana ny fandinihana fa ny Lalàmpanorenana andininy faha-96 no milaza izany.


Nanamafy anefa Andriamatoa RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges fa tokony hajaina izay voalazan'ny Lalàmpanorenana satria izany no lalàna ambony indrindra mifehy ny firenena.

Notsindrian'Andriamatoa Filoha fa tsy maintsy ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy ireo satria tsy azo atao raha tsy tratra ny fetr'isa antsasa-manila ahafahana mandray fanapahan-kevitra. Raha tiana ny handany azy ireo, hoy izy, tokony ho tongava maro amin'ny fotoana handinihana azy.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony, nisaotra ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta ary ny masoivoho Japoney, Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanatrehany izao fivoriana izao indrindra tamin'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna izay nentina teto amin'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ho fandinihana ny tolo-dalàna laharana faha-01-2015/PL "modifiant certaines dispositions de loi n°2001-004 portant règlementation générale des Dina en matière de sécurité publique", Andriamatoa Filoha dia niato ny fivoriana.

Niato tamin'ny 12 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana.


MAHAZOASY Mananjara Freddie Richard